## Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola

### TSOATSORATRY NY FANAPAHANA LAHARANA FAHA-04/2018-CDBF

**mikasika ny fitoriana eo anatrehan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola an-dRtoa Norton Imbola Nirina, IM 307 391, Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana *(PRMP)* ao amin' ny Minisiteran' ny Fanabeazam-pirenena *(MEN)***

Ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola,

Noho ireo antony ireo,

Rehefa nifampidinihana araka ny lalàna,

Dia mamoaka izao fanapahana izao :

Andininy voalohany. – Azo raisina ny taratasy fanoloran-draharaha avy amin' ny Filohan' ny Fitsarana momba ny Kaonty ho fitoriana an-dRtoa Norton Imbola Nirina, IM 307 391, amin' ny maha Mpiandraikitra ny Tsenambaro-panjakana (*PRMP*) azy ao amin' ny Minisiteran' ny Fanabeazam-pirenena (*MEN*) tamin' ny fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra laharana faha-114/MEN/PRMP/Ni/UGPM tamin' ny 16 jona 2015 mikasika ny asa fanorenana Sekolim-panjakana Ambaratonga Voalohany misy Efitra roa mizara ho tsinjaran' asa folo (10), amin' ity tranga ity ho an' ny Faritra Analamanga sy Alaotra Mangoro, anton' ny tsinjaran' asa faha-8 amin' io fifampiraharaham-barotra io.

And. 2. – Mahefa handinika ny antontan-taratasy mifandraika amin' ny taratasy fanoloran-draharaha voalaza eo amin' ny voalohany etsy ambony ny Filankevitra izay nahavoaray ara-dalàna izany.

And. 3. – Nanao fahadisoana ara-pitantanana voalazan' ny andininy faha-8 andalana faha-6 ao amin' ny lalàna laharana faha-2004-006 tamin' ny 26 jolay 2004 andaminana indray sy ampandehanana ny raharahan' ny Filankevitra momba ny Fifehezana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola Rtoa Norton Imbola Nirina, amin' ity tranga ity, tamin' ny fanaovana fanamarinam-pahavitan' asa tsy marina.

Noho izany, voasazy handoa sazy vola mitetina telo tapitrisa Ariary (Ar 3 000 000) izy.

And. 4. – Ampahafantarina ilay voakasika, ny Minisiteran' ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola (Foibem-pitondrana Ankapobe misahana ny Fitantanana ara-bola ny Mpiasam-panjakana), ny Filohan' ny Fitsarana momba ny Kaonty amin' ny maha fahefana mpanolotra ny raharaha azy ary ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, amin' ny maha mpifehy ambony mivantana azy ity fanapahana ity, ho fampiharana ny andininy faha-22 ao amin' ny lalàna laharana faha-2004-006 izay voalaza etsy aloha.

Natao tao Antananarivo tamin' ny fotoam-pitsarana tsy ampahibemaso, ny fito amby roapolo septambra taona valo ambin' ny folo sy roa arivo.

Natao tao Antananarivo, ny 17 jolay 2019.

*Manaraka ny sonia,*

---

## Conseil de Discipline Budgétaire et Financière

### EXTRAIT DE LA DECISION N° 04/2018-CDBF

**relative à la traduction devant le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière de Mme Norton Imbola Nirina, IM 307 391, Personne Responsable des Marchés Publics (PRMP) au Ministère de l'Education Nationale (MEN)**

Le Conseil de Discipline Budgétaire et Financière,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière,

Par ces motifs,

Après en avoir délibéré conformément à la loi,

Décide :

Article premier. – Est recevable la lettre de saisine émanant du Président de la Cour des Comptes portant traduction de Mme Norton Imbola Nirina, IM 307 391, en sa qualité de Personne Responsable des Marchés Publics (PRMP) au Ministère de l'Education Natonale (MEN) dans le cadre de l'exécution du marché n° 114/MEN/PRMP/Ni/UGPM du 16 juin 2015 relatif aux travaux de construction des Ecoles Primaires Publiques à deux Salles de classes reparties en dix (10) lots, en l'occurrence pour les Régions Analamanga et Alaotra Mangoro, objet du lot n° 08 dudit marché.

Art. 2. – Le Conseil régulièrement saisi est compétent pour connaître le dossier correspondant à la lettre de saisine mentionnée à l'article premier ci-dessus.

Art. 3. – Mme Norton Imbola Nirina a commis la faute de gestion prévue à l'article 8 alinéa 6 de la loi n° 2004-006 du 26 juillet 2004 portant réorganisation et fonctionnement du Conseil de Discipline Budgétaire et Financière, en l'espèce, d'avoir procédé à une fausse certification de service fait.

Elle est par conséquent condamnée au paiement d'une amende d'un montant de trois millions Ariary (Ar 3 000 000).

Art. 4. – En application de l'article 22 de la loi n° 2004-006 précitée, la présente décision est notifiée à l'intéressée, au Ministère des Finances et du Budget (Direction Générale de la Gestion Financière du Personnel de l'Etat), au Président de la Cour des Comptes en tant qu'autorité de saisine et au Ministre de l'Education Nationale en tant que supérieur hiérarchique direct.

Fait à Antananarivo en son audience privée du vingt-sept septembre deux mil dix-huit.

Fait à Antananarivo, le 17 juillet 2019.

*Suivent les signatures,*